## Fankalazàna ny 29 martsa

# Fihatsarambelatsihy ihany no nataon-dRajoelina

2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 30 marsa 2019 Laharana 892 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Nomery 23: 19

5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 123), Madagasikara 26 martsa 2019

## Fifidianana depiote

2

# Vonon-kandresy ny kandidàn'ny TIM




## Ben'ny tanànan'Antananarivo

3

# Nahatsiaro ireo tia tanindrazana koa



## CENI

2

### Nitombo 513 ny isan'ny birao fandatsaham-bato



## Sambava

5

### Mpangalatra lavanila niharan'ny fitsaram-bahoaka

## Brickaville sy Nosy-Be

6

### Mitaky ny fijerena ny fifanarahana momba ny Sirama ny mpiasa

## Ny valosoa sy mahasoa

4

### Fisorohana ny volo mihintsana

## Daka kely

Tsy tia tanindrazana izany ialahy saribakolin'ny frantsay io ry Boaikely a !

## Boriboritany faha-6 (CUA)

5

### Nanatanteraka fisoratam-panambadiana faobe



FIFIDIANANA DEPIOTE

## Vonon-kandresy ny kandidàn'ny TIM

Mitohy hatrany ny fampahafantarana ireo kandidà depiote Tiako i Madagasikara (TIM), ataon'ny filoha Marc Ravalomanana. Omaly dia tany Manjakandriana faritra Analamanga indray no nampahafantarany ny kandidàn'ity antoko ity. Nisy ny fiarahamiombom-bavaka ho fangatahan-tsodrano ho an'ireo kandida Tiako i Madagasikara mirotsaka ho solombavambahoaka any amin'ity distrika ity. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny vahoaka ireo kandidà depiote TIM. Mila miray hina sy miaramiasa tanteraka amin'ireto kandida antsika ireto isika hoy ny Filoha Marc Ravalomanana nandritra izany. Faly aho mahita fa mijoro hatrany ny mponina aty ary tsy misalasala rehefa ny mikasika ny fampandrosoana sy ny ho avin'ny firenena no banjinina hoy izy. Tsapa nandritra izany fotoana izany, fa vonon-kandresy ny kandidà TIM ao Manjakandriana ary tsy ny any ihany fa ireo kandidà avy amin'ity antoko ity manerana ny Nosy mihitsy. Anio, hampahafantarina amin'ny fomba ofisialy eny Fort-Voyron koa ny kandidàn'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-4, araka ny vaovao voaray, hiatrika an'izany fotoana izany koa I Dada.




**Helisoa**

CUA

## Niomana fatratra tamin'ny fanamarihana ny 29 martsa koa

Anisan'ny daty iray manan-danja eto anivon'ny firenena ny 29 martsa 1947 ary anisan'ny manao ho zava-dehibe an' izany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tetsy Ambohijatovo ny toerana nanatanterahana ny fanamarihana izany fahatsiarovana izany ho an'ny teto an-drenivohitra. Nanomboka tamin'ity herinandro ity dia niara-nientana avokoa ireo departemanta maro teo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra toy ny teo anivon'ny Polisy Monisipaly, ny mponjy voina, departemanta misahana ny lafiny maha-olona sy ny kolontsaina, ny avy eo anivon'ny sampan-draharaha misahana ny fotodrafitr'asa, ny avy ao amin'ny Boriboritany Voalohany sy ireo mpiasa mpanadio maro, mba hanomana ny toerana handraisana ireo malagasy izay hanatrika io fotoan-dehibe io. Maro ny asa izay notanterahina tamin'izany; toy ny fandokoana, ny fametahana ireo sainam-pirenena, ny fanadiovana ny manodidina ny kianjan'Ambohijatovo sy ny teny amin'ny Mausolée n any fasan'ny mahery fo, … Rehefa misy ny andro manan-danja eo amin'ny firenena tahaka izao dia miezaka manamafy sy manatsara ny asa andavanandrony hatrany ny avy eo anivon'ny CUA mba tsy hitsanga-menatra amin'ny vahoaka sy amin'ireo vahiny.



**Serge**

Kandidà TIM Boriboritany faha -4

## Mifanerasera mivantana amin'ny vahoaka eny ifotony hatrany

Tompon'andraikitra ary manana adidy eo amin' ny fiaraha-monina ny kandida laharana faha-4 atolotry ny antoko Tiko i Madagasikara (TIM), Ramboasalama Emilien. Nidina ifotony nijery ny olan'ireo mponina ao amin'ny Boriboritany faha-4 fokontany Mananjara, izay ao anatin'ny boriboritany misy azy ny tenany tamin'ity herinandro ity. Tarainan'ireo fokonoloana ny lalana, fandriampahalemana, ary ny rano mihandrona tsy misy fivoahany. Ireo zokiolona izay nihaona taminy dia nangataka ny hijerena azy ireo akaiky indrindra ny fakana ny fisotroan-dronono sy ny maha olona dia ny fampiasana ny karatra maintso. Nisy ny fanampiana ireo zokiolona miisa 200 ao amin'ny fokontany Andrefan'i Mananjara, toy ny vary sy menaka, ireo mpanasa lamba ihany koa dia notolorana savony sy borosin-damba hoentina hanamaivanana ny asan' izy ireo. Ny foto-drafitrasa ao amin'ny biraompokontany dia hasiana fanamboarana toy ny varavarankely sy valin-drihina na plafond. Havaozina ny trano ho an'ireo mpitandro filaminana "poste avancé" ny Polisy, hanatsarana ny fandriampahalemana. Nisy ny takamoa hapetraka hanazavana ny tanàna hiarahana-miasa amin'ny Jirama.

**Isambilo**



Fifidianana depiote

## Nitombo 513 ny isan'ny birao fandatsaham-bato

Nihaona tamin'ny mpanao gazety ny alakamisy teo mahakasika ny lisitra sy ny toeran'ireo birao fandatsaham-bato amin'ny fifidianana Solombavambahoaka ny CENI, na ny vaomierampirenena misahana ny fifidianana :

-Araka ny andininy faha-125 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 dia faranana sy ampahafantarin'ny CENI 60 andro alohan' ny fifidianana ny lisitra sy ny toeran'ireo birao fandatsaham-bato.



-Ny fanapahana laharana faha-32/CENI/2018 tamin'ny 27 martsa 2019 no nametraka ny isan'ny birao fandatsaham-bato ho 25 365 mandritra ny fifidianana Solombavambahoaka, izay hotanterahina ny alatsinainy 27 mey ho avy izao.

-Nitombo 513 araka izany ny isan'izy ireo raha oharina tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena tamin'ny taon-dasa. Ny fitomboan'ny mpifidy voasoratra ao anaty lisipifidianana tamin'ny fanavaozana farany teo no nanazavana izany fiakarana izany. Feran'ny lalàna ho 700 tokoa mantsy ny isan'ny mpifidy ao amin'ny birao fandatsaham-bato iray (andininy faha-125 andalana faha-4).

Tsy nisy famoronana biraom-pifidianana vaovao tamin'ity indray mitoraka ity fa fanasarahana (éclatement) no natao.

-Miantso ireo antoko na vondron'antoko politika izay nandrotsaka kandidà sy ireo kandidà tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena ny CENI haka ireo lisitra sy toeran'ny biraom-pifidianana ireo, eny amin'ny CENI foibe hahafahan' izy ireo manara-maso izany mba hialana amin' ny resaka birao fandatsaham-bato matoatoa.

-Tsara ny manamarika fa mety mbola hiova ny isan'ireo birao fandatsaham-bato ireo raha misy ny antony tsy azo anoharana, 48 ora farafahatarany, mialohan'ny andron'ny fifidianana (andininy faha-126).

**Isambilo**

### Ny Valosoa sy fakafaka

## Fankalazàna ny 29 martsa : fihatsarambelatsihy ihany no nataon-dRajoelina

72 taona ny tolom-panafahana nataon'ireo mahery fo namoy ny ainy sy nandatsaka ny ràny ho fanavotana an'i Madagasikara teo ambany vahohon'ny mpanjanatany Frantsay. Na dia tolona namoizana aina aman'alina aza ny 29 martsa dia lasa anara-tsy very sisa ny fanamarihana izany ankehitriny, dia ny omaly tsy miova ihany. Fanateram-bonikazo, fanomezana sakafo sy fihetsiketsena madinidinika sns … izay lasa tsianjery fotsiny. Ireo zoky ray amandreny tapaporohana sisa tsy may bekotro maro holatra moa dia tsy laharam-pahamehana ho an'ny fanjakàna ny fijerena sy fitsinjovana ny fahanteran'izy ireo, nefa dia efa tena miha- vitsy sisa. Mody omena fanomezana tsy mahavita taona fa tsy izay mba mahasoa azy amin'ny andro sisa iainany izay omen'Andriamanitra azy no ataon'ny mpitondra. Tsy mahagaga raha lasa tsy manaraka ny soa toavina maha Malagasy intsony ny ankabeazan'ny vahoaka Malagasy ankehitriny, satria ilay tantara mariky ny fitiavan-tanindrazana lasa atao ambanin-javatra. Ny hiafaràn'ny fankalazàna ny 29 martsa dia ho lasa ho very tsikelikely tsy ho fantatry ny taranaka aty aoriana intsony angamba atsy ho atsy, satria na ny mpitondra eto amintsika aza dia mpitondra saribakolin'ny mpanjanaka amin'izao fitondran-dRajoelina izao, fihatsarambelatsihy fotsiny no nataon'ny filoha Andry Rajoelina omaly, na ny teny amin'ny Fasan'ny Mahery fo teny Avaratr'Ambohitsaina, na ny tany Moramanga, natrehan'ity filoha DJ, mpanongam-panjakana ity. Satria aminy dia ny vahiny ihany no laharam-pahamehana fa tsy ny Malagasy toa azy.

**Helisoa**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana : tsy hampivadika ny nofinofy ho zavatra mivaingana

Mbola misy roa volana vao hifidy izay ho solombavany ny Malagasy ka tsy dia mifantoka amin'izany loatra ny sain'ny vahoaka na dia resaka fifidianana aza no hita amin'ny gazety mivoaka isan'andro. Raha ny marina dia ireo tranga isan-karazany eo amin'ny fiarahamonina no mahasarika ny sain'ny sarababem-bahoaka na dia misy ifandraisan'izy ireny amin'ny fiainana ara-politika eto amin'ny firenena aza. Anisan'izany ny raharaha ao amin'ny sampan-draharahan'ny fananantany. Herinandro vitsy izao no nihetsika ilay raharaha fivarotana ny "villa Elisabeth" etsy Ivandry, trano fonenan'ny filohan'ny Repoblika teo aloha, Zafy Albert. Mitaky ny hamotsorana ireo mpiasa voatazona noho izany ny sendikan'ny mpiasa ao amin'ity sampan-draharaha ity ary satria mpanatanteraka baiko fotsiny ireo mpiasa ireo. Takian'ny sendika kosa ny fisamborana ireo nanome baiko satria lazaina ombieny ombieny fa tany tan-dalàna ity Firenena ity. Iaraha mahalala fa misy tomponandraikitra ambony, minisitra tamin'ny tetezamita mihitsy aza, voarohirohy amin'ity raharaha ity. Mbola voatazona eny am-ponja ry Ramarosaona Alain mpano politika malaza hatramin'izay ary anisan'ny nisongadina ihany koa tamin'ny tetezamita. Rahaham-pianakaviana moa no itazonana azy kanefa toa misy ambadika politika ihany raha ny fahitàna azy. Rakotoniaina Pety kosa dia tamin'ny faraparan'ny fitondran'ny filohan'ny Repoblika teo aloha, Rajaonarimampianina Hery, no nosamborina noho ny fikasany nanangana fanjakana ao anaty fanjakana, hono. Samy mpiaradia tamin-dRajoelina Andry Nirina ireo tamin'ny fotoan'andro ka asa raha mbola hitombona na tsia ilay fitenenana hoe: "tsimbotry niaraka ihany, ka adrisa ve vao hifanary". Efa tafaverina eo amin'ny fitondrana mantsy ny sakaiza niara-nihosona sy naira-nanongana. Efa matetika miverina koa ny fitokonana ataon'ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra (Seces) satria tsy mety voavaha mihitsy ny olana eny amin'ny Anjerimanontolo ka raha tsy mihetsika ny mpianatra dia mitaky ny zony ny mpampianatra amin'izao fotoana izao ary ny 90% no mitokona. Raha ny fantatra dia ny ao amin'ny fakiolten'ny lalàna sy ny siansa ara-politika (Faculté de Droit et des Sciences Politiques) sisa no mbola misy mpampianatra. Tsy mahagaga loatra izany satria ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia anisan'ny mpampianatra ao. Mandrahona ny hitokona koa ny sendikan'ny mpampianatra ao amin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena satria tsy mbola voaloha hatramin'izao ireo tambikarama isankarazany tokony ho azon'ny mpampianatra. Efa nanomboka moa ny fisoratana anarana amin'ny fanadinana CEPE sy BEPC ka raha hitokona tokoa ny mpampianatra dia hitaintaina indray ny ray aman-dreny toy izay niainana saika isan-taona. Maizina amin'ny Malagasy, tato anatin'ny folo taona, ny tena anton'ny fahatapahan'ny jiro satria indraindray lazain'ny Jirama fa olana ara-teknika na tsy fahampian'ny solika na fahasimban'ny gropy,… no antony. Iaraha nahita tamin'ny haino aman-jery ny tranga tany Antalaha izay namoizana aina olona roa nandritra ny fanafiana sy fandoroana ny biraon'ny Jirama any an-toerana. Mbola misy ihany ny labozia entina manazava ny ao an-trano saingy tsy afaka miasa kosa ny olona mampiasa herinaratra amin'ny asa fivelomany. Mbola loza noho izany kosa no mihatra amin'ny mponina amin'ny toerana tsy misy rano satria "aina ny rano" sahala amin'izay nahazo ny mponina etsy Ambondrona roa herinandro lasa izay. Etsy an-kilany koa anefa dia mihetsika ny sendikan'ny mpiasa ao amin'ity orinasam-panjakana mpamatsy jiro sy rano ity noho ny tsy fahombiazan'ny fitantanana. Resaka ara-tsosialy sy ara-toekarena no fahitàna ireo tranga ireo kanefa mifono poltikaao avo lenta dia avo lenta tokoa. Efa mitobaka tsikelikely anefa ny vola avy any amin'ireo mpamatsy sy mpampindrana na dia nilaza ho tsy mila izany aza ny mpitondra satria manana ny izay rehetra ilainy Madagasikara ka milaza ho "tsy tia, tsy tia, kanefa manidy trano". Na izany na tsy izany dia miandrandra ny fivadihan'ilay programa mampandry adrisa ho zavatra mivaingana azo tapain-tànana sy hita maso.

**_Andry Tsiavalona_**

### Fahatsiarovana ny 29 martsa

## Nahatsiaro ireo mpitolona tia tanindrazana koa ny ben'ny tanàna



Nomena voninahitra teo Ambohijatovo koa ireo tapa-porohana sisa tsy may tamin'ny tolom-panafahana nataon'ireo mahery fo ny 29 martsa 1947. Tao anatin'izany no nanoloran'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpitondra fanjakàna notarihin'ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta Ntsay Christian, ny filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao ary ny fikambanan'ny Tia tanindrazana, fehezam-boninkazo fahatsiarovana ireo namoy ny ainy sy nandatsaka ny rà ny noho ny fitiavana ny tanindrazana 72 taona lasa izay, mba hialana eo ambany vahohon'ny mpanjanan-tany. Enga anie mba hiampita amin' ny taranaka aty aoriana ny fanehoana fitiavan-tanindrazana tahaka ny nataonay teo aloha hoy ireo ray amandreny tonga teny Ambohijatovo, ka tsy ho very maina ny rân'ireo namoy ny ainy ho fanavotana ny firenena tamin'izany fotoana izany.

**_Helisoa_**

### Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanao ezaka kopia maimaimpoana faobe indray

Mitohy hatrany ny asa sosialy tanterahin'ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ho fitsinjovana ireo mponina sahirana ary ho fanatanterahana ny vinan-dramatoa Ben'ny tanànan' Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana mahakasika ny fanomezana sora-piankohonana ho an'ny mponina eto Antananarivo Renivohitra. Dia notanterahina ny 27 Martsa 2019 teo ny fotoam-pitsarana nataon'ireo mpitsara sy fizahana manokana ny "visite somatique" nataon'ireo mpitsabo mialoha ny hanomezana sora-piankohonana ho an'ireo ankizy miisa 400 eo ho eo avy amin'ny fokontany 27 ao anatin'ny boriboritany fahadimy. Izao hetsika izao dia vokatry ny ezaka avy amin'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo. Marihina fa ny fiaraha-miasa dia miitatra amin'ny boriboritany enina eto Antananarivo, fiaraha-miasa amin'ny Rotary Ankorondrano, izay mpiara-miombon' antoka. Araka ny nambaran'ny delegen'ny boriboritany fahadimy Andriamatoa Rakoto Emmanuel Richard dia andiany voalohany ihany ity hetsika ity ary mbola hisy ny andiany manaraka noho ny fahatsapana fa mbola maro ireo olona tsy manana sorapiankohonana ao anivon'ny Boriboritany fahadimy.

**_Serge_**

## NY TENY FIAINANA

**_Isaia 11:1_**

*Ary hisy Solofo mitsimoka eo amin'ny fototr'i Jese, ary hisy mitrebona avy eo amin'ny fakany".*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Trano tsy nanara-dalàna noravana tetsy Behoririka



**Mandroso Randria :** noravana ilay trano tsy manara-dalàna ttsy Behoririka, nataon'ny CUA sy ny ministeran'ny fanajariana ny tany. Miroso amin'ny fandravàna ny trano soasoa. NB: Mampihaiky koa aloha ny fahasahian'izay nanao an'io trano io an, c'est une "élite" de la Nation, tokony ho tolorana voninahitra avo indrindra aza zay olona zay, tompon-daka amin'ny tsy fanarahan-dalàna... hihihiiiii!

**Rasandimanana Miatrika :** mazava be kosa fa tsy manaraka alignement ilay construction e !

**Lôm Randria :** mba izao mba manara-dalàna amin'izay fa tsy zatra risoriso any ambadika any foana eh!!!! Na ilay tompon'io trano io aza ve dia tsy tonga saina mihitsy fa tsy manara-dalàna io trano io fa mandeha moa ny risoriso dia afaka manao foana? Mba saina tonga amin'izay, izay mbola mieritreritra ny hanararaotra ohatra izao.

**Mandroso Randria :** vao avy nanao plein, chargé à bloc mitsy lé matos am zao, krkrkrkr, tonga dia mandrava avy hatrany satria tsy manara-dalàna ilay trano sy ny tompony.

**Varotra Tsara :** ilay tany tsy ara-dalàna angamba no tena antony nandravana anio, mazava ho azy fa tsy misy permis, tsy mety ilay methode fandravana manelingelina ny manodidina.

**Rhino TD Randrianarimanana :** nga io tsefa nahaazo permis eh!!!sinon Manin no tsisy arrêt de travaux, fa efa vita vao ravana? !

**Naina Rahaingomanana :** nôrmaly tsara be!!! Aiza ve ka dia tsy hisy espace na kely monja aza mba hiainana sy hojeren'ny maso fa tsy maintsy ho feno an'izao karazan-trano kitaingitaingina izao foana??? Anatra ho an'ireo miseho azy mpanambola mahavidy autorisation etsy sy eroa izao!!!

## TONONKALO

### Tena matimaty foana ?

Moa ve matimaty foana ny havantsika izay nitolona,
Fa ny tany sy ny harena toa vao mainka lasan'olona ?
E jereo fa mihetraketraka sy manjaka ireo vahiny.
Moa voavidin'izy ireny ny mpitondra ankehitriny ?

Heno fa namidy ny etsy, ny atsy indray nampanofaina.
Dia ahodina ny resaka, zavatra hafa no lazaina !
Mody atao ny dokam-barotra sy ny lainga tsara lahatra,
Kanjo hatreto aloha ny gasy, miala maina sy manjahatra !

Ho tonga maro ny vahiny, hatsangana etsy ny orinasa.
Atsy ho lasa Miami fa mifitsaha ka mahandrasa.
Zavajavatra toy izany no dradraina fa ho teraka,
Saingy hatreto aloha ny gasy, mihaosa, mihareraka !

Izay lazain'ny mpitondra, toy ny resaka manidina.
Fari-piainan'ny vahoaka, toa vao mainka mihamidina.
Iretsy voa mba hoe nafafy, indrisy fa tsy namololona.
Tena matimaty foana ny havantsika izay nitolona !

**_DADAN'i ZINA (26-03-19)_**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana nanolotra ny kandida TIM tany Manjakandriana.**











## Sakafo Ny Valosoa



**Korzety sy atody indray no laoka eto amin'ny gazetinao androany.** Sakafo tsy misy hena. Tsara raha hasiana lasary voatabia koa miaraka aminy sy ro matsatso anana. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fisorohana ny volo mihintsana

Torohevitra ho fisorohana ny volo mihintsana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

- Makà tongolobe mena tsara : ny isany dia arak'izay habetsany ilainao.
- Voasana dia kikisana: mampiasà rapy karôty amin'ilay kely indrindra.
- Ataovy anaty vilia jobo kely dia saromy ary avelao hialina andro mba hiteraka rano.
- Rehefa maraina ny andro, fihazo ilay tongolo ary tatazo ny ranony.
-Hosory amin'ny hodidoha ilay ranona tongolo indray andro alohan'ny hanasana loha.
-Avela hilona tsara mihintsy: azonao hosorana ihany koa ny foton'ny volo sy ny loham-bolo.
-Saromy amin'ny lamba manify ny volo amin'ny alina.
- Rehefa manasa loha : sasao amin'ny savony nosy aloha dia rehefa amin'ny farany izay vao mampiasa shampooing ianao. Raha mahavatra manao izany isan-kerinandro ianao dia hahita vokany haingana.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ankazobe faritra Analamanga

Ny tanànan'Ankazobe, faritra Analamanga indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Amin'ny faritra avaratry ny faritra Analamanga no misy ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'Ankazobe. Vokatra any ny vary. Amin'ny maha-faritra fisarahan'ny faritra Analamanga sy Betsiboka azy, faritra mena Ankazobe.



## Nomery 23: 19

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 123), Madagasikara 26 martsa 2019

***Nomery 23: 19 "IZAHO JEHOVAH tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina; moa efa nilaza va AHO, ka tsy hefaiko? na efa niteny va AHO, ka tsy hotoviko?"***

Mbola IZAHO JEHOVAH ihany no mampianatra anareo amin'ny alalan'ny mpaminany. Tsy olombelona toa anareo AHO fa asan'ny tanako hianareo, fitaovako manambara AHY sy mitory an'i JESOSY. Aoka izay ny teny foana ataonareo sy ilazanareo fa sandoka AHO JEHOVAH. Hianareo no sandoka sy mpisandoka ka henoy tsara AHO ry mponin'ny tany ô! Vavako ve no miteny ka tsy tanteraka??? Inona izao no efa nolazainareo ka nanova ny tany??? Nanova ny olona? Nampitoetra ny FANJAKAKO? Izany mihitsy izao ahatongavako eo aminareo izao ka hamerenako izay zavatra nisy taloha mba ho fantatrareo fa tsy miova ny fombako na dia ankehitriny izao aza. Mampiasa ireo ministera dimy ireo AHO ary hianareo rehetra izay efa ao anaty Fiangonana izany, tsy misy izay tsy manana anjara amin'ny Fampandrosoana ny Fanjakako. Ny mpaminany koa dia mitsara : mitsara tanàna, mitsara ny ao anaty Fiangonana, mitsara olona (na iza na iza irahiko tsy mifidy) eny mitsara firenena mihitsy. Izany dia mbola anisan'ny asan'ny mpaminany. Ny atao hoe "MITSARA" dia izao: raha misy amin'ireo voalaza etsy ambony no miala amin'ny Fahamarinana, mania, ary indro efa atao hoe tsy ho avotra intsony amin'ny loza, amin'ny fahaverezana, amin'ny fahafatesana, amin' ny fahotana dia maniraka mpaminany AHO JEHOVAH hanitsy, hananatra, hampihavana, hampahery, hitory, sns... mbola asan'ny mpaminany koa izany. Izany hoe: ny teny izay ampitondraiko azy no itsarako ny olona, manafaka, mamonjy, mamerina amin'ny laoniny, manavao, mampandroso. **Ny Teniko no mitsara fa tsy ny Teniko no tsaraina.** Ataonareo ahoana ny mitsara AHY sy ny mpaminany izay ampitondraiko ny TENY? Ohatra naniraka ny mpaminany AHO hilaza ny amin'i JESOSY sy izay hiteraka AZY, virijiny no hiteraka AZY, hafahafa izany raha ny lojikam-pianareo zanak'olombelona. Izay tsy hainareo sy tsy voasakanareo mihitsy no ataoko fa izay AHO JEHOVAH. Izany no Teny nampitondraiko ny mpaminany ka tsarainareo ahoana moa izy ireny ? Raha mitsara ny Teny ampitondraiko azy ireny hianareo dia mitsara AHY JEHOVAH ihany koa. Ny atao hoe mitsara dia ny Teny izay ampitondraiko ny mpaminany dia mitondra izay ilain'ny olona araky ny fahitako, ***II Timoty 3: 16-17*** *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandriko Jehovah Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny oloko Jehovah, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra."* Noho izany aza tsarainareo izay Teny ampitondraiko ny mpaminany fa mahasoa anareo, fitaizana ny fanahinareo, fanitsiana amin'ireo fahadisoan-kevitra eo aminareo ka miteraka fankahalana sy fifandirana matetika. Ny mpaminany koa dia mampianatra indrindra fa ireo zava-miafin'ny FANJAKAKO ary miaina amin'ny tsindrimandry mandrakariva mba tsy hahatapaka ilay fifandraisako aminy. Raha ny tanjoko amin'ny mpaminany dia mitsara foana izy mandra-pahafatiny, ***I Samoela 7 : 14*** *"Ary nihavana ny Isiraely sy ny Amorita."* I Samoela no nanao izany fampihavanana izany fa asan'ny mpaminany koa izany. Ary izy dia nitsara ny israely tamin'ny andro rehetra niainany, ***I Samoela 7: 15*** *"Ary Samoela nitsara ny Isiraely tamin'ny andro rehetra niainany."* Aza adino koa fa ny mpaminany dia mamerina ny tenin'ny olona aty AMIKO, ny fitarainany, ny alehany, izay angatahiny, izay tadiaviny ary dia mihaino AHO ka mamaly. Mbola asan'ny Mpaminany koa ny mampiakatra VAVAKA aty AMIKO ary tena mitaraina mafy tokoa izy manao izany vavaka izany. Izany no nahatonga an'i JEREMIA mpaminany nitomany sy nalahelo nohon'ny fahitany an'i Joda sy Jerosalema ary ny fivadiky ny olona niaina tamin'ny fahotana ka nanjary fahavaloko daholo, ***Fitomaniana 1: 2*** *"Mitomany dia mitomany izy nony alina, ary ny ranomasony dia eny antakolany; Izay rehetra tia azy dia tsy misy mampionona azy; Ny sakaizany rehetra efa nivadika taminy ka tonga fahavalony."* Hoy Davida, ***Salamo 105: 15*** *"Aza manendry ireo voahosotro, Ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko."* Aza manendry ireo voahosotro, ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko. Davida dia nahalala fahamarinana, fantany tsara fa olombohosotra izy na amin'ny mahampanjaka azy na amin'ny maha mpaminany azy. Fantany tsara koa fa mahatezitra AHY JEHOVAH ireo voalaza roa etsy ambony, na manendry na manisy ratsy azy ireo. Te hiteny aminareo AHO izany manao hoe: mifanajà hianareo, mifankatiava, aza mifanendritendry sy manisy ratsy an'ireny mpanompoko rehetra manao ny ASAKO ireny fa mampalahelo AHY. Raha manao ny asany ny mpaminany milaza ny HAFATRO mba henoy ihany, mba raiso ihany. Aza adino fa ao amin'ny mpaminany koa no mivoaka ny lalàna, ***Daniela 9: 10-11*** *"ka tsy nihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitray, mba handeha araka ny lalàny izay nasainy napetraky ny mpaminany mpanompony teo anoloanay. Eny, ny Isiraely rehetra efa nandika ny lalànao ka niala, fa tsy nihaino ny feonao, ka dia naidina taminay ny ozona sy ny fianianana izay voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy, mpanompon'Andriamanitra, satria efa nanota taminy izahay."*

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## Lapan'ny tanàna Analakely

# Nanatanterahana fampirantiana an-tsary momba ny 29 martsa

Ho fahatsiarovana ny faha 72 taonan'ny tolona natao'ireo mahery fo tamin'ny 29 Martsa 1947 dia mikarakara hetsika fampirantiana sary pika eo amin'ny "parvis" lapan'ny tanàna Analakely ny CTNO Comité Technique National d'Organisation (Agence National TAratra - ANTA, Commune Urbaine d'Antananarivo - CUA,...) nanomboka ny Alarobia 27 Martsa ka hatramin'ny Zoma 29 Martsa 2019. Ny lohahevitra noraisina tamin'ity taona ity dia "29 Martsa! Tolom-panafahana taratry ny hambopom-pirenena antoky ny fandrosoana" Ny tanjona tamin'ity indray nitoraka ity dia ny famelombelomana indray ny fitiavantanindrazana any ampon'ny tsirairay. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, Olivier Randrianarisoa, izay notronin'ireo manamboninahitra isan-tsokajiny.

***Helisoa***



## Boriboritany faha-6 (CUA)

# Nanatanteraka fisoratam-panambadiana faobe

Nanatanteraka fisoratam-panambadiana faobe ny teny anivon'ny boriboritany fahaenina ny alakamisy faha 27 martsa, izay notarihin'I delegen'ny boriboritany fahaenina Andriamananjezika fehizoro. Ka mpanambady miisa 30 miangona ao amin'ny fiangonana FJKM, tao anatin'ny fokontany miisa 7 no nahazo tombony manokana tamin'izany. Nahitana sarangan'olona maromaro sy sokajintaona maro ny nandray anjara tamin'izany, tao ny tanora ary nisy tamin'izy ireo kosa efa nahazo taona.



Izao moa dia vokatrin'ny fiaraha-miasa teo teo amin'ny Fiangonana FJKM Ambohidahy vaovao, izay notarihin'i Pasitora Raveloson Mamy sy boriboritany fahaenina. Izay sambany vao nisy fiaraha-miasa toy izao ny teo amin'ny roa tonta.
Izao no natao dia mba nitsinjovana ireo tanora sy ny efa zokiny nandray ny katekomena, ary mba tena hiditra ao amin'ny fanambadiana ara-dalàna, misoratra amin'ny fanjakana. Tetsy andaniny dia nisaotra sy nankasitraka ny CUA sy ny boriboritany fahaenina moa ireo mpiavady vao sy ny mpikarakara teo anivon'ny FJKM Ambohidahy vaovao, nohon'ny fiheveran'ny CUA an'izy ireo manokana, ary ny fahatsapany ny mahasarobidy ny fanambadiana.

***Serge***

## Sambava

# Mpangalatra lavanila niharan'ny fitsaram-bahoaka

Mpangalatra lavanila iray niharan'ny fitsaram-bahoaka, maty voatetika, tratra niaraka taminy ihany koa ny lavanila, teny aminy, tao Benavony, kaominina Farahalana, Sambava no nitrangan'izany ny 26 martsa 2019 lasa teo. Azo lazaina ho mbola tsy ahitam-panafana mihitsy ity halatra lavanila ity aty amin'ny Faritra Sava, ary ahiana ho lany manta ny vokatra satria angalarin'ireo olona hatramin'ny tahon-davanila. Araka ny tsiliantsofina mandeha mantsy dia toa hoe amin'ny volana Aogositra vao hisokatra ny champagne ny lavanila amin'ity taona ity, ary dia hatahorana fa ho ringan'ny mpangalatra ny voan-davanila eny ifotony noho izany.

***Zaka***



SERASERA

## Tokony hitana ny lohalaharana raha te-handroso

Manana ny toerany goavana eo anivon'ny fampandrosoana ny serasera, isan'ny fototra iray ho fampandehanana ny fampadrosoana izany noho izy ahafahana mampahafantatra sy mapahalala ireo mponina. Hapetraka eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra araka izany ilay vovonana ho amin'ny serasera na "plateforme de Communication pour le développement" C4D, Araka izany dia nanatanteraka atrikasa ny avy eo amin'ny Ministeran'ny atitany sy ny fitsijaram-pahefana hametrahana ny paikady rehetra hanatanterahana izany eto anivon'ny Faritra Vakinanakaratra. Tonga nanotrona izao atrikasa izao ny avy eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra izay notarihin'ny Leheben'ny Faritra Mpisolo toerana. Isan'ny asa atao voalohany amin'izany dia ny fanamafisana sy fampiroboroboana ny fihetsika ifotony mahaomby ho an'ny fianakaviana izay miisa 17. Miisa 7 ireo ministera voakasik'ity tetikasa ity ka isany izany ny Ministeran'ny Fasalamam-bahoaka, ny Ministeran'ny Atitany sy ny fitsinjaram-pahefana, ny Ministeran'ny Mponina, ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatajahan-tena, ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, ary ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina. Topomarika ihany koa ireo rantsa-mangaikan'ny Ministera eny amin'ny Faritra hametrahana ity vovonana ity.. Faritra roa araka izany no efa nametrahana ny vovonana ka isany izany ny Faritra Vakinankaratra sy ny Faritra Boeny. Ny UNICEF no mpamatsy vola ny tetikasa.

***Solohery***

Kolontsaina

## Antoko mpihira Asafa feno 60 taona

1959 – 2019, feno 60 taona katroka ny antoko mpihira ASAFA ao amin' ny Fitandremana Fjkm Antanety Fitahiana, eny Ambohimanarina. Ny Alahady 24 Martsa lasa teo, dia nisy ny fanompoam-pivavahana fisaorana sy fiderana an' Andriamanitra teny amin' ny fiangonana izay niarahana tamin'ireo mpikambana rehetra nandalo tao anatin'izany antoko mpihira izany. Nizara roa ny fidirana tamin'io fotoana io dia ny tamin'ny 06 ora sy sasany maraina sy tamin'ny 10 ora maraina. Tao anatin'izany no nampitana tamin'ireo mpivavaka nanatrika ny fotoana ny tantara nandalovany tao anatin'izay taona maro izay tamin'ny alalan'ny rakitsary sy raki-peo fanazavana izany. Ny takariva tamin'ny 5 ora kosa no nanolorany Antsampanahy lehibe niantsana ireo hira fiderana nandritra ny 60 taona izay tao amin'ny trano fiangonana ihany.

Raha tsiahivina fohy ny tantara , tamin'ny volana Martsa 1959 no niorenany, fotoana izay nisian'ny tondra-drano be teto Antananarivo. Antanety somary toerana avo ka niakatra namonjy teny ny olona, ary tao anatin'izany no nihaonana sy nifampiresahan'ireo tanora ka nitarika ho amin'ny fananganana ny ASAFA. Maro ireo mpikambana nandalo tao anatiny ary efa namoaka olona maro izy, izay nisy amin'izy ireny no lasa mpitandrina ka niaraka nanamarika ny fotoana tamin'io alahady io. Miisa 67 ankehitriny ny mpikambana mavitrika ao anatin'ity antoko mpihira ity.

Marihina fa mandray anjara andraikitra lehibe eo anivon'ny fiangonana ny ASAFA, anisan'izany ny fitondrana anjara biriky amin'ny fanitarana ny trano fiangonana izay miroso ny amin'izany amin'izao fotoana izao ho amin'ny tsangambaton'ny faha-150 taona. Mazava loatra, eoa ihany koa ny asa fitoriana filazantsara ataony, ary nambaran'ny filohan'ny komitin'ny faha-60 taona, Hery Ratovo, fa ho averina ny sahan'asa sosialy izay anisany mampiavaka azy ireo. Amin'ny 08 Desambra no famaranana ny fankalazana.

***Aris***



SARIITATRA : Ny tantsaha no potika amin'ny vary mora




Brickaville sy Nosy-Be

## Mitaky ny fijerena ny fifanarahana momba ny Sirama indray ny mpiasa

Miantso ny fanjakana hijery vahaolana momba ny olan'ny Sirama ireo mpiasa migrevy any amin'ny Sirama Brickaville sy Nosy-Be. Tsy hanaiky hiarahiasa amin'ny mpiara-miombon'antoka amin' ny orinasa Vidzara intsony ireo mpiasa mitokona ireo. Simba ny orinasa malagasy hoy izy ireo, ka ilana ny fanarenana azy, tsy misy ny fitaovana. Mangataka ny fanjakana, hanao fanadihadiana amin'ny asa, sy hanao fitsirihana momba ny fahazoan' ny orinasa Vidzar ny fifanarahana antsokosoko natao'ny fitondrana Hvm, ireo mpiasa mitokona any Brickaville sy nosy-Be ireo.

***Aly***



Fizarana karan-tany

## Ho filamatra ny kaominina Ambohidranandriana

Ny karatany 65 000 no hozaraina amin'ireo Faritra 5 misitraka ny tetikasa CASEF, na ny "fampiroboroboana ny fambolena sy ny fananantany", tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny toeram-ponenana ary ny asa vaventy, ary ny Ministeran'ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono. Isan'ireo kaominina misitraka ny hetsika fizarana karatany faobe ny kaominina Ambohidranandriana ao anatin'ny Distrika an'Antsirabe faharoa. Ny andron'ny alakamisy 14 martsa teo dia karatany 98 no nozaraina tamin'ireo 3879 nanao ny fangatahana, mbola fokontany 3 amin'ireo 10 izao vita izao, mbola hanaraka kosa ireo ambiny. Ny 26%n'ireo mpangataka dia vehivavy ary ny 74% kosa dia lehilahy. Mpiara-misalahy amin'ny CASEF ny mpitao raharaha GEOX 2 amin'ny fizarana izao karatany izao, misy ireo AGF na ny "Agent de guichet Foncier" manao ny fanadihadihadiana manatona ny vahoaka sy mandray ny fangatahan'izy ireo. Isan'ireo kaominina 5 atao filamatra amin'ity hetsika " fizarana karatany ity ny kaominina Ambohidranandriana, ny taona 2018 no nanomboka ny asa, araka ny nambaran'ny ben'ny Tanàna Randriantavy Fetison. Raha tokony ho 70 000Ar ny saran'ny fanaovana ny karatany iray dia namorain'ny fanjakana ho 3000Ar mba hahafahan'ny rehetra misitraka izany fananantany izany. Mbola lavitr'ezaka ny asa miandry satria mbola any amin'ny taona 2022 vao ho tapitra ny tetikasa CASEF ary nitombo ny vola ahafahana miasa namafy izany ny mpandrindram-paritra ny tetikasa CASEF Rakotoarisoa Pascal. Zava-dehibe ny fananana ny karatany , iny mantsy no porofo azo ilazana fa tompon'ny tany ny olona iray. Ireo manam-pahefana isan-tokony tonga nanotrona izao lanonana izao dia samy nanao antso avo amin'ny fanentanana ny vahoaka mba tsy hamela handalo fotsiny izao tetikasa mitsinjo ny vahoaka izao, tsy misy mantsy ny fahasahiranana satria ireo ekipan'ny GEOX2 dia manatona ny vahoaka any ambanin'ny ravinkazo any. Nandritra ny lanonana fizarana ny karatany teny anivon'ny kaominina Ambohidranandriana no nitondran'ny tompon'andraikitra voalohany eo anivon'ny sampandrahrahan'ny fananantany ny maha samihafa ny bokin-tany sy ny karatany, na ny " certificat foncier" sy ny " titre foncier" , mitovy anefa ny lanjany samy porofompananana ny tany hoy ny Lehiben'ny Sampandrahrahan'ny fananantany eto Vakinankaratra ramatoa Rakotoarison Lovasoa Claudia. Ny fisian'izao tetikasa izao dia manampy amin'ny fametrahana 'ny fiaraha-monina tsy misy rohirohy satria fantatra amin'ny fananana ny karatany sy ny bokitany dia mazava ny tompon'ny tany, ka hihena arak'izany ny ady tany izay tena mahazo sehatra sy laka eny anivon'ny fitsarana.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**23/03/19 hatramin'ny 30/03/19**

- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy (près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 892-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANTSIRABE II**

# Nidina teny ifotony ireo vahiny avy any ivelany tompon'ny tetikasa

Sambany no niara-nidina tamin'ireo delegasion'ny GTDR-D sy ny Faritra Vakinankaratra ireo vahiny avy any ivelany tompon'ny tetikasa Africa rice. Tao amin'ny Distrikan'Antsirabe faharoa no nidinan'izy ireo ka vala tahaka 02 no nitsidihina tamin'izany. Tao anatin'ny Distrikan'Antsirabe II dia ny kaominina ambanivohitra Ambano sy Andranomanelatra indray no nanohizan'ny ekipan'ny GTDR-D sy ny Africa rice ny fidinana ifotony amin'ny fijerena ireo voly vary antanety ato eto amin'ny Faritra Vakinankaratra. Ho an' ireto vala tahaka izay notsidihana ireto dia tena hita fa feno fahazotoana tokoa ireo fikambanam-behivavy ireo amin'ny fanarahana ny teknika entina hanatsarana ny vokatra. Nandritra ny fidinana dia maro ireo tantsaha no resy lahatra sy naneho fahavononana ny amin'ny hanarahana ny teknika manara-penitra no sady ahitana vokatra betsaka tahaka izao. Maro ny dingana arahina amin'ny fanarahana teknika tahaka izao mba ahatongavana amin'ny vokatra tsara sady mahomby ka raha hoan'ny ramatoa. Tompon'ny vala tahaka notsidihana dia ny volana oktobra izy no nanomboka niasa ny tany hambolena vary, taorian'izay dia mitohy amin'ireo dingana manaraka. Nandritra izao fitsidihana izao koa dia niara-dalana tamin'ny ekipan'ny GTDR-D ireo solotennan'ny Africa rice eto Antsirabe nijery ny hatsaran'ny vary. Teto dia hita fa afa-po tanteraka izy ireo amin'ny hatsaran'ny vary antanety. Tanjon'ny Africa rice hoy hatrany ireto farany dia ny hanala ny Malagasy amin'ny fahantrana ka izany indrindra no nahatonga azy ireo nitondra izay fanatsarana ny voly vary antanety izao aty Madagasikara. Velombolo tanteraka torak' izany koa ny ekipan'ny GTDR-D sy ny CSA amin'ny fahatsaran'ny vary tamin'ny vala tahaka roa notsidihana ireo. Niara-dalana tamin' izy ireo hatrany ny talean'ny fampandrosoana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra sy ny mpiara-miasa aminy Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray nandritra ny fitsidihana.Zava-dehibe ho amin'ny Faritra Vakinankaratra ny fisian'izao tetikasa izao sy ny fahatongavan'ireto vahiny satria tena misehatra ao anatin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy izy ireo. Naneho fahavononana avokoa ireo fikambanam-behivavy tantsaha, olo-tsotra tonga nitsidika teny amin'ireo vala tahaka ireo. Nanentana ireo tantsaha araka izany ireto mpiara-miombon'antoka ireto mba hialana amin'ny fomba mahazatra fa tokony hanaraka ny teknika nohatsaraina mba ahazoambokatra maro.

***Lezama***

Foibem-paritry ny mponina Vakinankaratra

# Vita ny famindram-pahefana


Rtoa Rabarijaona Antsa Narindra, indray manomboka izao no hitantana ny foibem-paritry ny mponina sy ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fampiroboroboana ny vehivavy eto Vakinankaratra. Tontosa ny famindram-pitantanana nisy teo aminy sy ny talem-paritra teo aloha Ramatoa Raherison Lalanirina. Tsy vaovao eo amin'ity tontolo ity ny tale vaovao satria efa niasa teo anivon'ny Ministera ihany talohan'izao, izy ihany koa dia anisan'ireo mpikambana tamin'ny namolavolana ny IEM. Vonona aho hoy izy ny hanohy ny asa tsara vitan'ny teo aloha ary koa hanomboka ny asa vaovao hoy ny tale Rabarijaona Narindra. Ny taona 2012 no nanomboka nitantana ny foibem-paritry ny mponina Ramatoa Lalanirina Raherison, betsaka ny asa natao raha tsy hilaza afa-tsy ny rafitra sakaizan'ny zokiolona, ny fotodrafitrasa ho azy ireo, ny ezaka nanamorana ny fahazohan'ny manana fahasembanana misitraka ny tolotry ny biraom-panjakana, ny famererenana anaty rafitra ireo olona natory an-dalana sy ny maro tsy voatanisa. Teto izy dia nankasitraka ireo mpiara-miasa taminy. Nanatrika izao famindram-pitantanana izao ny fianakaviamben'ny Ministera notarihan'ny Sekretera jeneraly sy ny talen'ny Kabinetra andriamatoa Hery Rasoamaromaka ary nitso-drano ireto tale mirahavavy ireto ahavita an-tsakany sy an-davany ny andraikitra napetraky ny fanjakana taminy. ambohimpihaonan'ireo mpitantana avy eo anivon'ny Ministera foibe sy ireo mpitondra fanjakana eto antoerana nahitana ny Prefet an'Antsirabe, ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana Rakotomahandry Timothé ity lanonana famindram-pitantanana ity.

***Lezama***

NY VALOSOA VAOVAO Doham-barotra
Tel. 034 79 076 00

BEHARO **Teny tondro** (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 276**





**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

**TENY MIFANARAKA** N° 276




**Mitsivalana**

**1.** Kianja filalaovana – Biraom-pifidianana **2.** Ankasitrahana – Aro moka **3.** Botra – Fanaon'ny razana **4.** Bibikely (Miv) – Tsofoka fanitarana **5.** Kilalaon-tsaina (Miv) – Esory (Miv) **6.** Saka – Soa (Miv) **7.** Tsy takatra – Mikarakara **8.** Tody **9.** Foko **10.** Matoanteny – Saron-doha atao amin'ny vehivavy.

**Mitsangana**

**A.** Manempotra – Mampisafidy **B.** Eny – Faly **D.** Eritreritra – Oroka **E.** Lavitra tsy hita maso – Diky (BL) – Asa **F.** Solfa – Ao amin'ny boky – Tsy sarotra (BR) **G.** Fiandohan'ny fararano – Tohero **H.** Tononandro **I.** Tsirin-teny (Miv) – Vizana – Hekitara **J.** Menarana, lapàta **K.** Fara mandimby – Mpanoritra anarana

**Valiny Teny Tondro (0275)**

***Mitsivalana***
- Karama
- Kalo (Miv) – Dia
- Bikany
- Madinika (Miv)
- Aty – BNI (Miv)
- Anao
- Tsaboin(a)

***Mitsangana***
- Koba – To (Miv)
- Alika
- Rakitra
- Akany
- Ny – Ao
- Adidiny
- Anan(a)
- Maimbo

**Valiny Teny mifanaraka 0275**

***Mitsivalana***

1 Mikaremy 2. Ilo - Onja 3. Antitra 4. Noana - Nono 5. Paka - Moa 6. Hao - Tapaka (Miv) 7. IV - Sary 8. Tontolo - (T)il(y) 9. Ri - Akory 10. Amboa - Toak(a)

***Mitsangana***

A. Mpanohitra B. No - Miova (Miv) D. Kitapo E. Alina - Atao F. Rotaka - Ako (Miv) G. Ka (Miv) - Lo H. Moan(a) - Trosa (Miv) I. Ny (Miv) - Ompa - Io J. Janoary K. Sa - Kalitao (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanamarihana ny 29 marsa teo Ambohijatovo.

















## FILAZANA

Ny kaominina Antananarivo Renivohitra dia mampahafantatra antsika rehetra fa noho ny fankalazana ny faha 50 taona ny Commissariat Central ao Tsaralalana eto Antananarivo Renivohitra, dia ho tapaka ny lalana mandritra ny adin'ny 2, manomboka amin'ny 6 ora maraina, ka hatramin'ny 8 ora eo amin'ny lalana RADAMA I sy KARIJA ny alatsinainy 01 Aprily 2019 ho avy izao.